FANAMBARANA

Manoloana ny zava-nitranga mamoafady niseho teny amin'ny seranam-piaramanidina Ivato tamin'ny fahatongavan- dRamatoa Rakotonirainy-Ravalomanana Lalao sy ny vinantony ny zoma 27 jolay 2012 lasa teo, izahay ato amin'ny Hetsika Maro Lafy dia miray hina tanteraka amin'ireo olon-tsotra, sokajy sy mpanao politika nanameloka tsy am-pisalasalàna ny fihetsika feno habibiana, fanosihosena ny zon'olombelona ary fampijaliana vehivavy. Toa tanteraka ny fitenenana hoe "mba natera-behivavy ve ireny olona ireny?". Tsy hainay ny hangiana indrindra fa teo ambany mason'ny vahoaka malagasy, hitan'izao tontolo izao tamin'ny alalan'ny tranokala, ary fantatry ny rehetra ny zava-niseho.

Lasa tandra vadin-koditra ny fampiharana ny "halako bika, tsy tiako tarehy", entina anenjehina ny fianakaviana , ny havana ary ny mpiara-monina amin'izay olona tian'ny mpitondra sy ny mpifehy ho potehina, na meloka izy ireny na tsy meloka. Mitana ny sain'ny maro ny zava-misy any Atsimo ankehitriny, izay mampahatsiahy ny fomba nampiharin'I Hitler sy ny fitondrana "nazi"raha nanaovana vono-moka ny jiosy, ny fandripahana olona tany Sharpville Afrika atsimo, ary ny fiandohan'ny *genocide* niseho tany Rwanda .

Teto Madagasikara, dia tsiahivina fa tsy misy valaka tamin'ireny fandoroana Tanana na vohitra sy famaizana ny Havana sy mpiara-monina ireny ny tetika nampiharin'ny voanjo sy ny mpanjanan-tany tany Atsimo atsinanana tamin'ny 1947.

Ankehitriny, dia ahoana no tsy hitraotra raha tany ka Malagasy no mahavita fihetsika feno habibiana toy ireny., ary tsy misy fiala-tsiny azo leferina fa aina mihitsy no voakasika.

Koa velo-panontaniana mifanontany ny maro : inona no mbola handrasan' ireo fiara-monim-pirenena, ny ray aman-dreny ara-panahy, ny ray aman-dreny ara-fomban-drazana, ny fikambanana politika , ny foloalin-dahy mahatsiaro-tena sy ny olom-pirenena no tsy re-teny . Sanatria ve miala-tsiny na mialokaloka amin'ny fahasahirana samihafa sy ny hakanosana ka rehefa tonga sanatria ny patsa iray tsy omby vava, iza intsony no mbola hianteherana?

Tsiahivina amin'ny rehetra, na Malagasy na Vahiny fa indrindra ny firaisana iraisa-pirenene fa tsy maintsy mifototra amin'ny fahamarinana ary anisan'izany ny fitandroana ny zon'olombelona ny vaha-olana politika ivoahana amin'ny kizo eto Madagasikara.

Ny fanaovan'ny mpanelanelana "lela roa" na fananbantambazana manodoka dia vao mainka hampiditra amin'ny kizo, satria rehefa nanjaka teto Madagasikara ny fanjakam-barofo ("Etat voyou"), dia efa tafiditra amin'ny "fanjakan-boalavo "(Etat défaillant)"isika izao.

Antananarivo, androanay faha-30 jolay 2012.

Hetsika Marolafy.